



Eto New York aho no nahafantatra fa nodimandry ny Jeneraly Colin Luther Powel, androany 18 Oktobra 2021, teo amin'ny faha-84 taonany.

Araka ny fanambarana ofisialy navoakan'ny fianakaviana Powell dia ny fahasarotana ara-pahasalamana noho ny covid-19 no nitarika ny fahafatesany na dia vita vaksiny feno izy. « *Manolotra fisaorana ho an'ny mpiasan'ny fahasalamana ao amin'ny « Walter Reed National Medical Center » izahay, noho ny fikarakaran'izy ireo an-kitsim-po ny havanay. Very vady, ray, ray be ary koa American mendri-piderana izahay »*

**Fa iza moa ny Jeneraly Colin L. Powell ?**



Teraka tao Harlem, eto New York, ny 5 Avrily 1937, i Colin L. ary nodimandry androany 18 oktobra 2021 tany Bethesda, any Maryland, izy. Avy any Afrika sy Caraïbes no niavian'ny razambeny. Jeneraly sy mpanao politika amerikana i Colin L. Powell izay niditra tao amin'ny tafika amerikana ny taona 1958.



Ny tena nahafantaran'izao tontolo izao azy dia ireto toerana nosahaniny manaraka ireto : Lehiben'ny Etamazaorin'ny tafika amerikana rehetra izy teo anelanelan'ny taona 1989 sy 1993 ; avy eo dia Sekreteram-panjakana tao amin'ny fitondran'ny Filoha George W. Bush, teo anelanelan'ny taona 2001 sy 2005. Izy no Amerikana mainty hoditra (« *African American* ») voalohany teo amin'ireo toerana roa ireo teo amin'ny tantaram-pirenena amerikana.





REST IN PEACE, GENERAL COLIN POWELL, US MARINES LANCE CORPORAL VAEL SOLOFONIRINA, US



ihania a fanomezana voninahitra azy farany eto aminy madagate

### Byden on the Passing of General Colin Powell

ny post.com